

MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA TANORA VANONA

ONIVERSITE



Rakitra Soa lombonana





MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA

# IZANY KA TANORA VANONA

ONIVERSITE

Rakitra Soa lombonana



## Fampidirana

Navoaka ho anareo tanora ity boky ity dia ianareo mpianatra eny amin'ny Ambaratonga Ambony, mba hanampiana anareo hiaina sy hampihatra ny Zon'ny Olombelona hahavita andraikitra amin'ny fiainanareo andavanandro. Rehefa tanteraka izany dia ho hita taratra eo amin'ny sehatra rehetra ny fananan'ny firenena tanora matotra, vanona sy tompon'andraikitra, manomboka eo amin'ny ankohonana ka hatrany amin'ny firenena, mandalo amin'ny fokontany, Kaominina sy ny faritra ary any amin'ny faritany.

Zava-dehibe eo amin'ny fiainanareo tanora ny fiakarana eo amin'ny fianarana Ambaratonga Ambony. Izany mantsy no manefy sy manomana anareo hiditra eo amin'ny sehatry ny asa ka hahitanareo fahombiazana ary hahatonga anareo ho tena vato nasondrotry ny tany sy kitro ifaharan'ny fampandrosoam-pirenena.

Ho fanohizana ny efa natomboka tany amin'ny Ambaratonga Fototra sy Ambaratonga Faharoa, dia manomana anareo tanora hiatrika ny maha-olompirenena ihany koa ny Anjerimanontolo. Anisan'izany ny fanabeazana momba ny Zon'ny Olombelona izay fototry ny fanajana ny aina sy ny fahamendrehan'ny maha-olombelona. Hohalalinina koa araka izany ny fanabeazana momba ny fifandeferana, ny ady amin'ny fanavakavahana sy fanilikilihana.

Koa ny tanora eny amin'ny Anjerimanontolo dia tokony hahafehy ireto sokajina Zon'ny Olombelona samihafa ireto :

- Zon'ny isam-batan'olona sy pôlitika
- Zo ara-toe-karena sy fiarahamonina ary kolontsaina
- Zo hiray hina

Izany fandalinana ny fahalalana efa norantovina teo aloha izany no hahatonga anareo tanora ho olompirenena mandray andraikitra sy mitondra ny anjara biriky eo amin'ny fampandrosoana ny firenena.

FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA HO OLOMPIRENENA  
MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

# I. NY FE-TAONA MAHAOLONDEHIBE

## **Manoloana ny lalàna : 18 taona**

Manomboka eo dia tompon'andraikitra amin'izay ataonareo ianareo tanora, izany hoe tsy iantohan'ny ray aman-dreny intsony. Noho izany dia efa iharan'ny sazy ianareo raha mandika lalàna.

## **Manoloana ny firaisansana ara-nofo : 18 taona**

Tomombana ara-batana ianareo tanora ka afaka miteraka. Ny firaisansana ara-nofo alohan'io fe-potoana io dia sady mety hiteraka fahasimbana ara-batana no raran'ny lalàna ka mahavoasazy izay manao izany.

## **Manoloana ny fifidianana :**

- olompiренена feno 18 taona :

- Manana kara-panondrom-pirenena,
- voasorata anaty lisitry ny mpifidy,
- mizaka ny zon'ny isambatan'olona sy ny zo pôlitika
- Mpifidy

- olompiренена feno 21taona :

- Mpifidy
- Hofidina : Lehibem-pokontany, Ben'ny tanàna, lehiben'ny faritra, mpanolotsaina, solombavambahoaka

- olompiренена feno 35 taona : Filoham-pirenena

- Loholona dia ny lalàna no mamarita azy

## **Manoloana ny fanambadiana : 18 taona**

Mahaleo tena ianareo tanora ka tsy mila fiahiana na faneken'ny ray aman-dreny raha hiroso amin'ny fanambadiana

## II. MOMBA NY ZON'NY OLOMBELONA

### A. NY FIVOARANY ARA-TANTARA

Hitantsika amin'io fafana eto ambany io ny lalana lavitra nolalovana vao tonga tamin'ny Fanambaràna maneran-tany ny zon'ny olombelona (Déclaration Universelle des Droits de l'Homme)

IREO RAZAMBEN'NY RIJAN-TENY MOMBA NY ZON'NY OLOMBELONA

Taona	Anarany
1628	Petition of Rights
1679	Habeas Corpus
1689	Bill of Rights Angleterre
1776	Bill of Rights Virginie
1789	Fanambaràna ny Zon'ny Olombelona sy ny Olompirenena
1948	Fanambaràna Maneran-tany ny Zon'ny Olombelona

Ny vokatra mahatsiravina sy mamoa-doza nateraky ny ady lehibe roa teo amin'ny fainan'ny olombelona sy ny tontolo iainana no nahatonga ny mpitondra fanjakana maneran-tany hivondrona ka nanangana ny Firenena mikambana mba tsy hisian'ny ady sy ny zavatra mamohetra intsony. Anisan'ny nekena tamin'izany ny Fanambaràna maneran-tany ny Zon'ny Olombelona ary dia noraketina ho lalàna iraisam-pirenena izany.

### B. NY FAMARITANA NY ZON' NY OLOMBELONA

Ny Zon'ny Olombelona dia ny zo mahaolona ny olona tsirairay. Ny olombelona rehetra tsy misy fanavahana eo amin'ny lafiny firazanana, volonkoditra, toe-batana, fahaizana amam-pahalalana, sosialy, fananana, na eo amin'ny mahalahy na mahavavy, na eo amin'ny lafiny finoana amam-pivavahana, na firenena niaviana, na foto-kevitra ijoroana, dia manana io zo io avokoa.

Ny fananana ireo zo ireo no antoky ny fahombiazan'ny fivelarana sy fitomboana amin'ny mahaolona feno ny olona. Ireo zo ireo ihany koa dia manome fahafahana ny olona hanao zavatra iray ary miantoka ny fandriampahalemana, ny demôkrasia ary ny firaisan-kina.

Azo sokajina telo ny zon'ny olombelona eken'ny fianakaviambe iraisam-pirenena :

- zon'ny isam-batan' olona sy pôlitika,
- zo eo amin'ny lafiny toe-karena, fiarahamonina sy kolontsaina,
- zo hiray hina.

## D. IREO TOMPON'ANDRAIKITRA AMIN'NY ZON'NY OLOMBELONA

Idealy iraisan'ny olombelona sy ny firenen-drehetra ny fampivelarana sy ny fampiroboroboana ny fiarovana ny zon'ny olombelona. Noho izany ny olona tsirairay, ny fikambanana sy ny fiarahamonim-pirenena ary ny Fanjakana dia samy tompon'andraikitra avokoa araka ny Fanambaràna natao momba ny zo sy ny andraikitry ny olona tsirairay na ao anatin'ny fikambanana, vondron'olona na ONG, ary ny fanjakana ho an'ny fanandratana sy fiarovana ny zon'ny olombelona sy ny zo fototra ekena maneran-tany (Fanapahan-kevity ny Fivoriambe 53/144).

Amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny fanabeazana momba ny zon'ny olombelona no afahana mampivelatra ny fanajana ireo zo sy fahafahana. Ny fepetra raisina kosa no miantoka ny fanekena sy fampiharana azy amin'ny olona tsirairay. Ohatra: beazina ny olona hahalala fa manana zo haneho hevitra izy; fepetra raisina kosa ny fanomezana anjara fitenenana azy sy ny fanajany ny zon'ny hafa.

### *1. Ireo santonana rijan-teny tsara ho fantatra*

- LALANA IRAISAM-PIRENENA MOMBA NY ZON'NY OLOMBELONA,
- LALAMPANORENANA,
- LALANA MALAGASY,

Didim-pitondrana laharana faha-1111 tamin'ny 28 Martsa 1966 : Mandrara ny tanora sy ny ankizivavy latsaky ny 18 taona hamony lanonana amin'ny alina, fandihizana sy ny mitovy endrika amin'izany.

Andininy voalohany : Ny famonjena lanonana amin'ny alina, ny fandihizana sy ny mitovy endrika amin'izany dia voarara ho an'ny tanora sy ny ankizivavy latsaky ny 18 taona tsy arahin'ny ray aman-dreniny.

### *2. Hafatra ho anao*

Mba hahatanteraka ny fampiharana ny zon'ny olombelona dia ilaina ianao, ilaina ny olona tsirairay, hangataka tsy an-kiato ny fiarovana ny zon'ny olombelona, hanandratra sy hanaja ary hiaro azy. Aza hadinoina fa ny fitaizana hahalala ny zon'ny olombelona no manome lanja ny soatoavina sy fomba fieritreretana, ary koa mampirisika ny olon-drehetra hampanaja ny zony manokana sy ny an'ny hafa.

Ianao no afaka mampivelatra ny fahafantaran'ny hafa ny maha-tompon'andraikitra anao sy hanova ny zon'ny olombelona ho tena zava-misy eo anivon'ny fiaraha-monina sy eo anivon'ny firenena. Ny fanabeazana ny olona hanaja ny zon'ny olombelona mantsy dia tena manampy tokoa mba tsy hisian'ny fanazimbazimbana sy ny fanosihosena ny zon'ny olombelona sy hahafahana mamorona fiarahamonina mitana ny fahamarinana, ara-dalàna, manaraka fitsipika sy manaja ary manao zava-dehibe ny zon'ny olombelona.

Adidinao ary ny miaina ao anaty fanajana ny zo aman-kasin'ny olombelona. Ary entano ny namana hanao toy izany koa !

## E. NY ADIDINAO AMIN'NY ZON'NY OLOMBELONA!

### Mampiroborobo ny zon'ny olombelona

- manaja ny zo aman-kasin'ny olombelona,
- manandratra ny fiarovana ny zon'ny olombelona,
- mandinika, miady hevitra, mijery ny fanajana ny zon'ny olombelona,
- manaparitaka sy mampahalala ny zon'ny olombelona sy ny fivoarany,
- mikaroka sy manely ny vaovao rehetra momba ny zon'ny olombelona,
- mamolavola foto-kevitra sy hevi-baovao momba ny zon'ny olombelona,
- mifanerasera amin'ny fikambanana iraisam-pirenena mahakasika ny zon'ny olombelona.

### Manohitra ny fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona

- mandray anjara amin'ny raharaha-panjakana, mitsikera ny tsy fampiharana na ny tsy fanajana ny zon'ny olombelona ka manolo-kevitra hanatsarana ny fomba fiasa,
- mitaky sy mirotsaka an-tsehatra miaro raha misy fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona,
- mametraka fitarainana momba ny fanitsakitsahana ny zon'ny olombelona ary manaraka ny fivoaran'ny raharaha ahalalana na mifanaraka amin'ny lalàna velona na tsia ny zava-misy,
- manampy sy manoro hevitra ary manohana ny fiarovana ny zon'ny olombelona.

### Mampihatra ny zon'ny olombelona

- mampifanaraka ny asa aman-draharaha amin'ny lalàna velona,
- manaja ny zon'ny hafa ary miaina ny zon'ny tena,
- misafidy ny asa milamina hiadiana amin'ny fansosihosena ny zon'ny olombelona,
- manao hetsika milamina hanoherana ny sakana amin'ny fampiharana ny zon'ny olombelona.

### III - NY ZOKO

#### AMPIASAIKO NY ZOKO NA LAHY AHO NA VAVY

##### *1. Zo mahaolompiренена*

###### **a) Ny hasin'ny mahaolombelona sy ny fitovian-jo ary ny fahafahan :**

And. 1- Teraka ho afaka sy hitovy zo aman-kasina ny olona rehetra,

And. 2- Zo sy fahalalahana mitovy, tsy misy avakavaka.

###### **b) Fiarovana ny aina sy ny fahafahan'ny isam-batan'olona :**

And. 3- Zo ho velona aina, hanam-pahalalahana ary harovana,

And. 4- Fiarovana amin'ny fanandevenozana na fanompoana,

And. 5- Zo tsy hampijalina na sazina amin'ny alalan'ny fitondrana feno hasiahana sy fanambaniana,

And. 6- Zo hitaky ny fankatoavana ny maha-olona araka ny voafaritry ny lalàna.



#### **d) Manoloana ny lalàna sy ny Fitsarana**

- And. 7- Zo mitovy eo anatrehan'ny lalàna,  
And.8- Zo hitory amin'ny fitsarana raha voahosy ny zo fototra,  
And. 9- Zo harovana amin'ny fisamborana na fanagadrana na fanaovana sesitany tsy amin'antony,  
And. 10- Zo hohenoina eo amin'ny fitsarana mahaleotena sy tsy miangatra,  
And. 11- Zo hoheverina ho tsy meloka raha tsy voatsara.

#### **e) Eo amin'ny fiarahamонина**

- And. 12- Zo hohajaina amin'ny fainany manokana,  
And. 13- Zo hivezivezy ao anatin'ny firenena, handao ny tanindrazana sy hiorim-ponenana any amin'ny tany hafa,  
And.14- Zo hialokaloka any amin'ny firenen-kafa,  
And. 15- Zo hizaka zom-pirenena iray,  
And. 16- Zo hanorin-tokantrano rehefa feno taona ara-dalana, na lahy na vavy,  
And. 17- Zo hanana fananana manokana na itambarana amin'ny hafa.

#### **f) Eo amin'ny fanehoan-kevitra sy pôlitika**

- And. 18 - Zo hanana fahalahana amin'ny heviny sy ny fisainany ary ny fivavahany,  
And.19 - Zo hanambara ny heviny an-kalahana ary hahazo vaovao amin'ny alalan'ireo fitaovam-pifandraisana misy,  
And. 21 - Zo handray anjara amin'ny fitantanana ny raharahan-panjakana sy zo hifidy.



#### **g) Zo ara-piarahamонина**

- And. 20 - Zo hiditra amina fikambanana sy hivory an-kalahana,  
(mifandraika amin'ny fahalahana ara-potokevitra),  
And. 22 - Zo harovana amin'ny voina, hahazo fiantohana ara-tsôsialy ka hiaina am-pahamendrehana,  
And. 24 - Zo hiala sasatra sy hiala voly,  
And. 28 - Zo hivelatra ao anatina rafitra mitandro ny filaminana sy ny fahafahana fototra voalaza ao anatin'ny Fanambarana.

### **h) Zo ara-toekarena**

And. 23- Zo banana asa sy hisafidy izany malalaka, zo hahazo karama mitovy amin'ny asa mitovy, zo hanorina na ho mpikambana amina sendika,

And. 25- Zo banana fari-piaínana mendrika (sakafo, fitafiana, fonenana, fahasalamana, fitsaboana sy kojakoja ilaina rehetra).

### **i) Zo ara-kolontsaina**

And. 26- Zo hahazo fanabeazana sy fampianarana.

And. 27- Zo handray anjara amin'ireo fihetsiketsehana ara-kolontsaina ary koa amin'ny fampivelarana ara-panahy, ara-tsaina, ara-batana ka hahazo tombotsoa avy amin'izany.

### **j) Fotokevitra iorenan'ny Firenena Mikambana sy mamaritra ny andraikitry ny olombelona tsirairay eo amin'ny fiarahamonina**

And.29- Adidin'ny tsirairay ny manaiky sy manaja ny zo sy ny fahafahan'ny hafa ka hahafahan'izy ireo mivelatra sy miaina an-kalalahana.

And. 30- Tsy misy fepetra na dia iray aza amin'ity Fanambarana ity azon'ny Fanjakana na vondron'olona, na olon-tsotra heverina ho manome fahefana azy handrava ireo zo am-pahalalahana voatanisa ireo.

## ***2. Ny fampiharana ny zon'ny olombelona***

### **a) Eo amin'ny tenanareo**

- Manan-jo hiaina ianareo,
- manan-jo banana fahamendrehana sy hohajaina,
- afaka mivezivezy malalaka eto amin'ny firenena,
- manan-jo hanan-javatra ho anareo manokana,
- fantatrareo fa arovan'ny lalàna ianareo ka tsy misy afaka miditra an-keriny ao an-tranonareo raha tsy manana fahazoan-dalana mazava (kara-panondrom-pirenena sy karatra maha-pôlisy), indrindra alohan'ny amin'ny 5 ora maraina sy aorian'ny amin'ny 7 ora hariva,
- manan-jo hiditra na hanorina fikambanana ianareo ary afaka mivory malalaka,
- manan-jo hanita-pahalalana hahatraranareo ny tanjona irinareo,
- manan-jo hiasa,
- manan-jo hahazo vaovao sy hifampizara izany amin'ny hafa.
- Zonareo ny miala voly.

### **b) Eo amin'ny ankohonana**


- Zonareo ny hotafiana, ny hotsaboina raha marary,
- Zonareo ny maneho hevitra,
- Zonareo ny manana nofinofy sy maminavina ny hoavinareo,
- afaka mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny fainam-pianakaviana ianareo.

### **d) Eo amin'ny fokontany**

- manan-jo hahazo ireo taratasim-panjakana momba anareo ianareo : fanamarinam-ponenana, taratasy fanamarinam-pahavelomana, sns.
- manan-jo hifidy sy hofidina ianareo raha mahafeno ny fepetra ara-taona,
- manan-jo hahafantatra ny fitantanam-bolan'ny Fokontany ianareo ,
- afaka mandroso sosokevitra sy mandray anjara feno amin'ny fampandrosoana ny fainam-piarahamonina ianareo.

### **e) Eo amin'ny kaominina, faritra, faritany, firenena**

- manan-jo hifidy sy hofidiana ianareo,
- zonareo ny mandroso sosokevitra sy mandray anjara feno amin'ny fampandrosoana ny kaominina, ny faritra sy ny firenena,
- manan-jo hahafantatra ny fitantanam-bolan'ny kaominina ianareo.



## **IV. NY ANDRAIKITRAREO**

### **TANTERAHINAREO NY ANDRAIKITRAREO**

#### **a) Eo amin'ny tenanareo**

- Tandrovinareo ny ainareo, ny hasina mahaolona anareo ary ny fahamendrehanareo ka arovinareo tsy hoviravirain'ny hafa ny tenanareo (vohoka tsy irina, fanambadiana alohan'ny fotoana voatondron'ny lalàna),
- arovanareo amin'ny loza samihafa ny tenanareo (loza voajanahary, lozampifamoivoizana),
- hajainareo ny teny nomenareo,
- ikelezanareo aina ny fianaranareo,
- kolokoloinareo ny tenanareo ho salama sy tomady,
- mikaroka sy manaraka ireo vaovao marina eto an-toerana sy maneran-tany ianareo,
- tratrarinareo ny tanjonareo hampivoatra ny fiainanareo.

#### **b) Eo amin'ny ankohonanareo**

- Hajainareo ny fifampifehezan'ny mpianakavy,
- hajainareo ny fananana iombonana ao an-trano,
- katsahinareo izay mahasoa ny ankohonanareo,
- tsimbininareo ireo ray aman-dreninareo amin'ny fotoam-pahosany .

#### **d) Eo amin'ny fokontany**

- Arahinareo ny vaovao momba ny Fokontany amin'ny alalan'ny fijerena matetika ny peta-drindrina sy famonjena fivoriam-pokonolona,
- mandraisa ianareo anjara amin'ny asa iarahan'ny mponina ao amin'ny Fokontany manatanteraka,
- tandrovinareo ny aina sy ny hasin'ny mpiara-belona,
- hajainareo ny soatoavina sy ny fifampifehezan'ny mpiara-monina,
- hajainareo ny fananana iombonana eo amin'ny Fokontany sy ny tontolo iainana,
- hanentana sy mandray anjara feno amin'ny asa fampandrosoana ny Fokontany ianareo.

#### **e) Eo amin'ny kaominina**

- Hajainareo ny soatoavina sy ny fifampifehezan'ny mpiara-monina,
- hajainareo ny fananana iombonana eo amin'ny kaominina sy ny tontolo

iainana,

- Manentàna sy mandray anjara feno amin'ny asa fampandrosoana ny kaominina ianareo.

### f) Eo amin'ny firenena

- Hajaonareo ny Lalam-panorenana, ny andrim-panjakana, ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny Repoblika,
- fantaronareo ireo karazan'Andrim-panjakana sy ny asany ary ny fifandraisany;
- manentàna sy mandraisa anjara mavitrika amin'ny fididianana sy ny fitsapankevi-bahoaka ianareo,
- mandraisa andraikitra na mirotsaka amin'ny fididianana eo amin'ny sehapitondrana isan'ambaratongany ary manaja ny vokatra azo avy amin'izany,
- mazotoa mifanakalo hevitra amin'ny mpiray monina aminareo ianareo; lazaonareo am-panajana sy am-pamendrehana ny hevitrareo na ny fanakianana ny teti-pitondrana ampiharina ao amin'ny firenena,
- fantaro sy araho maso ny fitantanana ny fananam-bahoaka eo anivon'ny ambaratongam-pitondrana ,
- mizara mandray anjara mavitrika amin'ny asam-pokonolona isan-tokony ianareo,
- atrehonareo sy mandraisa anjara ny fivoriam-pokonolona ka ampiasao ny fahaizanareo maneho hevitra am-pahamendrehana sy mihaino ny hafa,
- arovinareo ary hajao ny fananana iombonana (trano sy biraom-panjakana ...),
- hajaonareo ny Zon'ny olombelona, ny mpiara-belona,
- tsimbinonareo ny aina, na ny anareo na ny an'ny hafa ka ataovy izay tsy hanelingelenana azy na amin'ny teny na amin'ny toetra amam-pihetsika ary ampio izy raha mila vonjy indrindra ireo iharam-boina sy marefo,
- lalao hatrany ny fahamarinana na eo amin'izay ataonareo rehetra aza,
- lavonareo tanteraka ny kolikoly amin'ny endriny rehetra,
- hajao ny rindram-piarahamonina ary ny fandriampahalemana,
- hajao ny fitsipika ifampifehezana eo amin'ny tany ama-monina,
- aloavy ny adidy manandrify anareo amin'ny mahaolompirenena anareo,
- hajao ny Mahamalagasy anareo : ny tanindrazanareo, ny tenin-drazanareo, ireo fomba amam-panao, ireo soatoavina tsy mifanohitra amin'ny Zon'ny Olombelona,
- ataovy izay hanabe voho sy tsy haharesy tondromaso ny kolontsaina malagasy,
- fanteno ny kolontsaina vahiny atosaky ny fandrosoana mba tsy hanohintohina ny soatoavina Mahamalagasy anareo,
- mahavara mikaro-baovao ianareo fa tsy miandry tolorana, mifantina izay vaovao marina ary mizara izany amin'ny mpiara-belona aminareo,

- hajaonareo sy arovanareo ny tontolo iainana (tany, rivotra, rano, biby sy zavamaniry indrindra ireo karazana arovana sy ahina ho lany taranaka ary mampiavaka ny firenena),
- kalio sy hajao ny asanareo ho fandraisانareo anjara amin'ny fampandrosoana ny toe-karen'ny faritra misy anareo sy ny Firenena.



## V. MADAGASIKARA TANINDRAZAKO

### A. NY TANINDRAZAKO

- Malagasy aho. Madagasikara no tanindrazako. Malagasy ny tenin-drazako.
- Mahaleo tena ny Taniko hatramin'ny 26 Jona 1960.
- « Repoblikan'i Madagasikara » no anarany
- « Fitiavana, Tanindrazana, Fandrosoana » no Filamatra ijoroany.
- « Ry Tanindrazanay malala ô » no Hiram-pirenoko.
- Ny Pasitera Rahajason no nanoratra ny tonony ary Norbert Raharisoa no nanao ny feony.

### B. NY HIRAM-PIRENEKO

#### RY TANINDRAZANAY MALALA Ô

1- Ry Tanindrazanay malala ô

Ry Madagasikara soa,  
Ny fitiavanay anao tsy miala,  
Fa ho anao, ho anao doria tokoa.

Fiv :

Tahionao, ry Zanahary  
Ity Nosin-drazanay ity  
Hiadana sy ho finaritra:  
He sambatra tokoa izahay

Fiv :

Tahionao, ry Zanahary  
Ity Nosin-drazanay ity  
Hiadana sy ho finaritra:  
He sambatra tokoa izahay

2- Ry Tanindrazanay malala ô,

Irinay mba hanompoana anao  
Ny tena sy fo, fanahy anananay  
Zay sarobidy sy mendrika tokoa

3- Ry Tanindrazanay malala ô,

Irinay mba hitahiana anao  
Ka ilay Nahary izao tontolo izao  
No fototra ijoroan'ny satanao.

Fiv (indroa):

Tahionao, ry Zanahary  
Ity Nosin-drazanay ity  
Hiadana sy ho finaritra:  
He sambatra tokoa izahay

### D. NY SAINAM-PIRENEKO

Ny sainam-pirenena dia mari-pamantarana:

- ny maha-firenena an'i Madagasikara
- ny fahaleovantenany
- ny fiandrianany
- ny taniny



## **1. Ny lokony**

- **Fotsy, Mena, Maitso** no lokon'ny sainam-pirenoko.

Ny **Fotsy** mangatsakatsaka, manambara ny FAHADIOVANA sy ny FAHAMARINANA

Ny **Mena** midorehitra milaza ny FITIAVAN-TANINDRAZANA sy ny FIANDRIANAM-PIRENENA


Ny **Maitso** mivolon'ahitra maneho ny FANANTENANA

RANAIVOSON Andrianome, mpiasa tao amin'ny Fiobe Taosaritany Malagasy no namorona azy.

## **2. Ny haben'ny faneva na sainam-pirenena**


Ny refin'ny mahitsizoro tsirairay fotsy, mena, maitso, izay mandrafitra ny fanevam-pirenena dia toy izao: indroan'ny Sakany ny Lavany.

(Lavany = Sakany X 2)



Ny refin'ny saina mivelatra dia roa ampahatelon'ny lavany ny sakany

$$S = \frac{(L \times 2)}{3} = \frac{1,5m \times 2}{3} = 1m$$



- **2,70 m X 1,80 m: MINISTERA, DREN**
- **2,10 m X 1,40 m: CISCO**
- **1,80 m X 1,20 m: LISEA, KÔLEJY**
- **1,50 m X 1 m: SEKOLY FANABEAZANA FOTOTRA**

Ireo dia refy tsy maintsy hajaina.

### **3. Ny fombafomba arahina rehefa manangan-tsaina**

#### **Tandremana tsy hirefarefa amin'ny tany ny faneva**

- Trotroina eo ambony sandry roa no fitondra ny saina mbola mivalona
- Atao eo an-tsuroka ankavia kosa rehefa hampakatra azy mba tsy hikasi-tany

#### **Miatrana tsara ny mpanatrika rehetra**

- Mijoro mahitsy tsara na mijaridina fa tsy misabaka
- Manatrika tsara ny saina ampakarina fa tsy miherikerika
- Atsotra manaraka ny vatana ny tanana fa tsy babena na atao eo amin'ny kibo
- Mangina tsara fa tsy miresaka na mihomehy na misangisangy
- Miala satroka sy tsy mielo
- Tsy mitsakotsako
- Mijanona mijaridina raha mandeha eny an-dalana no sendra mandalo fananganantsaina

#### **a) Fananganan-tsaina**

DINGANA	BAIKO	VALINY	FANAMARIHANA
1. ALOHAN'NY FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA	HO AN'NY REHETRA ! ANOY TSARA ! JERY ATRIKA!	MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA	MPIANATRA IRAY MIBAIKO MPIANATRA ROA MAMPIAKATRA NY SAINA EFA ATAO EO AN-TSOROKA HAVIA NY FANEVA FA TSY AVELA HIREFAREFA AMIN'NY TANY
	FANEVAM-PIRENENA !	VONONA!	ATAO REN'NY OLON-DREHETRA NY BAIKO SY NY VALINY
2 . FAMPAKARANA NY FANEVAM-PIRENENA	AKARO !	MAMPAKATRA NY FANEVA	AKARINA MIADANA NY FANEVA ARY TSY AJANONA RAHA TSY TAFAPAKA ENY AMIN'NY TAMPONY
3. REHEFA TAFAKATRA NY FANEVA	HIRAM-PIRENENA! 1, 2, 3 !	MIARA-MIREDONA NY HIRAM-PIRENENA	HIRAINA NY ANDININY TELO ELALELANIN'NY FIVERENANA ANY AMIN'NY FARANY VAO AVERINA INDROA NY FIVERENANA
4. AORIAN'NY FIREDONANA NY HIRAM-PIRENENA	AOKA!		ATSAHATRA NY JERY ATRIKA
	MIRAVA ! BARAKAY !	MIRAVA NY MPILAHATRA	REHEFA VITA NY FAMPITAM-BAOVAO SY NY DINIDININKA FANENTANANA

## b) Fampodian-tsaina

DINGANA	BAIKO	VALINY	FANAMARIHANA
1. ALOHAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA	HO AN'NY REHETRA ! ANOY TSARA ! JERY ATRIKA!	MIATRANA SY MILAHATRA TSARA NY REHETRA	MPIANATRA IRAY MIBAIKO, NY ROA MAMPODY!
2. MANDRITRA NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA	FANEVAM-PIRENENA !	VONONA!	
	AMPODIO !	MAMPODY NY FANEVA	AMPODINA MIADANA NY FANEVA ARY TANDREMANA TSY HIREFAREFA AMIN'NY TANY.
3. AORIAN'NY FAMPODIANA NY FANEVAM-PIRENENA	BARAKAY ! MIRAVÀ !	MIRAVA	TSY HIRAINA INTSONY NY HIRAM-PIRENENA. VAHANA NY FANEVA ARY AVALONA TSARA. TROTROINA EO AMBONIN'NY SANDRY ROA REHEFA ATERINA ANY AMIN'NY TOERANY. (fampodian)

## FANENTANANA

Ny fananganan-tsaina fanao any an-tsekoly, ny fiarahabana sainam-pirenena mandritra ny lanonam-panjakana ary ny fananganan-tsaina isan-tokantrano amin'ny vanin'andro lehibe toy ny fankalazana ny fetim-pirenena no anehoako sy anambarako:

- fa tiako sy iraiketan'ny foko ary ireharehako ny Tanindrazako,
- fa miaina eo anivor'ny firenena mahaleotena sady manana ny fiandrianany aho ka sarotiny :
  - raha rovidrovitra, na maloto, na tonta, na vasoka
  - ny sainam-pirenena ao an-trano, na any an-tsekoly, na any amin'ny fokontany, na any amin'ny kaominina, na any amin'ny toeram-piasana
  - raha misy olona tsy manaja ny sainam-pirenena.

## NY TANTARAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

1958 (14 ôktôbra)	Fanambarana ny maha-Republika an'i Madagasikara
1959 (29 aprily)	Fankatoavana ny Lalampanorenana'ny Repoblika Malagasy voalohany
1959 (01 mey)	Voafidin'ny Antenimiera mpanao lalàmpanorenana ho Filohan'ny Repoblika Voalohany Atoa TSIRANANA Philibert
1960 (26 jona)	Fanambarana ny Fahaleovantenan'i Madagasikara
1965 (30 martsa)	Lanin'ny mpifidy ho Filoha fanindroany Atoa TSIRANANA Philibert, ny olompirenena no mifidy
1972 (30 janoary)	Lanin'ny mpifidy ho filoha fanintelony Atoa TSIRANANA Philibert, ny olompirenena no mifidy
1972 (aprily-mey)	Fitokonana sy korontana pôlitika. Natolotra ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny fahefana feno
1972 (29 aogositra)	Nivoaka ny didy mampihatra ny lalà-miaramila
1972 (8 ôktôbra)	Fitsapan-kevi-bahoaka nampanaovin'ny Jeneraly RAMANTSOA. Vokany : nihataka tanteraka Atoa Philibert TSIRANANA
1975 (25 janoary - 01 febroary.)	Rava ny Governemantan'i Jeneraly RAMANTSOA.
1975 (06 febroary.)	Natolony an'i Kôlônely Richard RATSIMANDRAVA ny fahefana.
1975 (11 febroary)	Nisy namono ny Kôlônely RATSIMANDRAVA. Natsangana ny Fitondrana tarihin'ny miaramila ka ny Jeneraly ANDRIAMAHAZO Gilles no nitarika izany
1975 (15 jona)	Voatendrin'ny Fitondrana miaramila ho Filoham-pirenena sy Lehiben'ny Governemanta Atoa Didier RATSIRAKA. Nosoloana ny Filankevitra Faratampon'ny Tolompiavotana ny Fitondrana miaramila
1975 (21 desambra)	Nekena tamin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny Satan'ny Revolisiôna sôzialista, ny Lalàmpanorenana mametraka ny Repoblika faharoa, ary maha-filohampirenena an'Atoa Didier RATSIRAKA
1975 (30 desambra)	Nambara ho Repoblika demôkratika ny Repoblikan'i Madagasikara
1982 (7 novambra)	Voafidy fanindroany ho Filoham-Pirenena Atoa Didier RATSIRAKA
1989 (12 martsa)	Voafidy fanintelony ho Filoham-Pirenena Atoa Didier RATSIRAKA
1989 (desambra)	Fanitsiana ny Lalàmpanorenana mba ho fanalahana ny famoronana antoko pôlitika
1992 (18 septamnbra)	Voafidy tamin'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny Lalàm-panorenena vaovao ho fananganana ny Repoblika fahatelo
1993 (10 febroary)	Voafidy ho Filoham-Pirenena Atoa ZAFY Albert

1993 (10 aogositra)	Voafidin'ny Parlemanta ho Praiministra Atoa Francisque RAVONY
1995 (17 septambra)	Nekena tamin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka ny fanovana ny Lalàmpanorenana mba hahafahan'ny Filohan'ny Repoblika mifidy ny Praiministra.
1995 (30 ôktôbra)	Nametra-pialana Atoa Francisque RAVONY (13 ôktôbra). Atoa Emmanuël Rakotovahiny no nisolo azy
1996 (15 mey)	Nolanin'ny maro an'isa tao amin'ny Antenimieram-pirenena ny « motion de censure », Fitsipaham-pitokisana ny Praiministra RAKOTOVAHINY Emmanuël Nametra-pialana ny Governemanta tamin'ny 20 may.
1996 (05 jona)	Voatendry ho Praiministra Atoa RATSIRAHONANA Norbert Lala, Filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana
1996 (jolay)	Nolian'ny Antenimieram-pirenena ny Fampiatoana ny Filoha ZAFY Albert amin'ny asany.
1996 (05 septambra)	Nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny tsy fahafahan'ny Filoham-pirenena manohy ny asany (empêchement) nolian'ny Antenimieram-pirenena ary notrendreny ho Filoham-panjakana vonjimaika RATSIRAHONANA Norbert
1997 (31 janoary)	Voafidy ho Filohan'ny Repoblika ny Amiraly RATSIRAKA Didier Ignace. Notendreny ho Praiministra Atoa RAKOTOMAVO Pascal (21 febroary1997)
1998 (05 mars)	Fitsapan-kevi-bahoaka momba ny fanitsiana ny Lalàmpanorenana. 50,96 % no ampaham-bato azon' ny ENY
2001 (16 desambra)	Fifidianana ho Filoham-pirenena
2002 (21 janoary)	Fiantsoana fitokonana faobe ho fanoherana ny fanodikodinana ny safidim-bahoaka tamin'ny fifidianana.
2002 (06 mai)	Nambara tamin'ny fomba ôfisialey ny maha-Filoham-pirenena an'Atoa Marc RAVALOMANANA.
2006 (3 desambra)	Voafidy ho Filohan'ny Repoblika fanindroany Atoa RAVALOMANANA Marc
2007 (4 april)	Fanavaozana ny Lalàmpanorenana (natao ho teny ôfisialey fahatelo ny teny anglisy miaraka amin'ny teny malagasy sy ny teny frantsay ary nofoanana tao anatin'ny Lalàmpanorenana ny teny hoe «Fanjakana lahika » izany hoe ny tsy fiankinan'ny Fanjakana amin'antokom-pivavahana)
2009 (17 martsa)	Nametra-pialana Atoa Ravalomanana ary nanome fahefana feno ny Fitondrana miaramila izay namindra izany tamin'i Atoa Andry RAJOELINA
2010 (06 desambra)	Nambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fahalanian'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra
2010 (11 desambra)	Famoahana hanan-kery ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika Fahefatra
2010 (11 desambra)	Fanambaràna ofisialey ny fahaterahan'ny Repoblika Fahefatra

## IREO DATY ANKALAZAINA

- **01 janoary** : Taombaovao
- **21 febroary** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tenin-dreny
- **08 martsa** : Andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy
- **22 martsa** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny rano
- **29 martsa** : Fahatsiarovana ny mahery fon'ny fitiavan-tanindrazana
- **07 aprilly** : Andro maneran-tany momba ny fahasalamana
- **01 mey** : Fetin'ny mpiasa
- **03 mey** : Andro maneran-tany ho an'ny fahalalahana'ny asa fanaovan-gazety
- **31 mey** : Andro maneran-tany tsy ifohana sigara sy ihinanana paraky
- **Volana jona** : Volan'ny ankizy
- **05 jona** : Andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana
- **12 jona** : Andro maneran-tany iadiana amin'ny fampikaramana ankizy
- **16 jona** : Andron'ny ankizy afrikanina
- **26 jona** : Andro iraisam-pirenen'ny iadiana amin'ny fidorohana zava-mahadomelina
- **26 jona** : Andro ankalazana ny fetimpirentsika isan-taona
- **11 jolay** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny mponina
- **12 aogositra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny tanora
- **08 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra
- **21 septambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandriampahalemana
- **01 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zokiolona
- **16 ôktôbra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny sakafo
- **16 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny fandeferana
- **20 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho ho an'ny zon'ny ankizy
- **25 novambra** : Andro iraisam-pirenena ho fanafoanana ny herisetra atao amin'ny vehivavy
- **01 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny ady amin'ny SIDA
- **03 desambra** : Andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny olona manana fahasembanana
- **09 desambra** : Andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny kolikoly
- **10 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny olombelona
- **15 desambra** : Andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia
- **25 desambra** : Krismasy na Noely

## **VI. FAMPAHATSIAHVANA MOMBA NY FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA**

### ***1. Famaritana***

- afaka mandray anjara amin'ny fainana politika
- Izany hoe: mizaka ny zom-pirenena (manana kopiam-pahaterahana, feno 18 taona katroka, manana kara-panondro, afaka mifidy, afaka mirotsaka hofidina, manana zo samihafa)
- manana fahalalahana sy fahaiza-manao samihafa;
- Mponina ao amin'ny Repoblika : anisan'ny tompon'ny fiandrianam-pirenena, izany hoe loharanon'ny fahefana izay ampindraminy ny olom-boafidy amin'ny alalan'ny fididianana
- manana zo sy adidy ary andraikitra araka ny toerana misy azy, manana fahalalana samihafa.

### ***2. Ny fototra iorenan'ny repoblika***

Ny Repoblikan'i Madagasikara dia fanjakana manana ny fiandrianany, tokana fa tsy mizarazara ary repoblikanina.

### ***3. Ny demokrasia***

#### **a) Ny fanjakana tan-dalàna**

Ny lalàna no fanehoana ny finiavan'ny daholobe. Natao hiaro na hanasazy ny tsirairay izy. Mitovy ny olona rehetra eo anatrehan'ny lalàna ary samy manana ny fahafahana fototra araka ny voalazan'ny lalàna, tsy misy fanavakavahana na lahy na vavy, na inona na inona fari-pahaizana ananana, na manan-karena na tsia, na avy aiza na avy aiza fiviana, na inona na inona finoana arahina na foto-kevitra ijoroana.

#### **b) Ny fahafahana maneho hevitra an-kalalahana**

Ny olompirenena tsirairay dia afaka maneho an-kahalahana sy am-pahamendrehana ny heviny rehefa tsy manohintohina ny fiandrianam-pirenena sy ny filaminam-bahoaka izany. Izany fanehoan-kevitra izany dia azony atao amin'ny fampielezam-peo na fahitalavitra na an-gazety.

#### **d) Ny fididianana malalaka sy mangarahara**

Ny fiandrianana dia avy amin'ny vahoaka izay fototra niavian'ny fahefana rehetra ary ny vahoaka no mampiasa izany fiandrianana izany amin'ny alalan'ny solontenany izay voafidy tamin'ny fididianana nandraisan'ny manan-jo rehetra anjara (fididianana mivantana na an-kolaka) na amin'ny alalan'ny fitsapan-kevi-bahoaka.

# TSARA HO FANTATRA

## 1. Ny fananana iombonana

- Trano sy biraom-panjakana ary ny hainoaman-jery iombonana,
- lalana sy tetezana ary lakan-drano, tohodrano,
- andrin-jiro sy tariby,
- hôpitaly sy sekoly ary ny fiangonana,
- zaridainam-bahoaka sy ny fitanteram-bahoaka,
- toeram-pandroana, fanasan-damba, fivoahana iombonana,
- fantsakana,
- toerana fanaovana fanatanjahan-tena,
- toeram-pisakafoanana iombonana,
- tontolo iainana : zava-maniry sy biby, renirano sy ony ary ny tatatra,
- lapa, rova, vako-pirenena.

Sokajiana ho fananana iombonana ireo fitaovana ahitan'ny rehetra tombotsoa na dia an'olona na sokajin'olona aza (Taxi-be, taxi- ville, taxi-brousse)

## 2. Ny fanajana ireny fananana iombonana ireny

- Fikolokoana ny lalana : tsy anarium-pako indrindra ny dalina,
- fiarovana ny tetezana amin'ny mpandrava efa,
- tsy fanoratsoratana amin'ny rindrina sy ny tambohon'ny trano sy biraom-panjakana,
- fikojakojana ny tranom-panjakana ho an'izay mahazo tombontsoa mipetraka amin'ireny,
- fandraisana anjara amin'ny asa iombonana hoentina manatsara sy manadio ny lalana, hôpitaly, sekoly,
- tsy fanariana fako eny amin'ny tatatra, renirano, ony,
- fanajana ny voninkazo sy ny hazo ary ny fahadiovana eny amin'ny zaridainam-bahoaka sy fitanteram-bahoaka (fiara, fiarandalamby, fiaramanidina),
- fitandremana ny robine tsy ho simba eny amin'ny fantsakana, fanasan-damba, toeram-pivoahana, toeram-pandroana iombonana sy fitandroana ny fahadiovana mba tsy ho tsentsina.

## 3. Andraikitrty ny mpiara-monina

- Mikojakoja, manatsara, manadio,
- miaro,
- mifantenana, mifampiteny, mifananatra, mifanitsy.

## VII - SEHATRASA FAMPIHARANA TOMBANA

### A. EO AMIN'NY TENA

#### 1. *Ny fananana ny maha-azy azy:*

Manana ny maha-ianao anao ve ianao? Valio amin'ny eny na tsia ireto fanontaniana ireto.

IANAO VE?

1- Manao fanamby amin'ny tenanao ?	TSIA	ENY
2- Saro-piaro amin'i Madagasikara?	TSIA	ENY
3- Mirehareha amin'ny maha Malagasy anao?	TSIA	ENY
4- Mahay maka tahaka sy mampifanaraka izany amin'ny zava-misy sy ny kolontsaina malagasy ?	TSIA	ENY
5- Mahafehy tena manoloana ny fakam-panahy maro?	TSIA	ENY
6- Vonona hanohy fianarana hatramin'ny farany ?	TSIA	ENY
7- Sahy miatrika olana ?	TSIA	ENY
8- Sahy mitsikera ny tsy mety am-panajana ?	TSIA	ENY

ENY < TSIA -> Mila miezaka ianao mba hanananao ny maha-ianao anao

ENY = TSIA -> Eo ho eo ihany

ENY > TSIA -> Manana ny maha-ianao anao ianao

#### 2. *Ny fananana ideally / sahy manonofy*

"Ny fahaizana mandamina tsara no entina miady". Hitantsika amin'ny fainantsika andavanandro fa raha voapetrapetraka mialoha ny zavatra ataontsika dia mora foana ny manatanteraka azy na dia misy tranga miseho tampoka tsy nampoizina aza; fa raha isika no tsy mandamina mialoha dia mikorontana sy very hevitra isika raha eo am-panaovana zavatra iray no misy seho tsy nampoizintsika. Inona no tiana ahatongavana? Ny tiana ambara dia izao tokony banana paikady isika iatrehana ny fainana ka ireto misy toes-tsaina maromaro hampahomby ny ataonao. Niniana nakorontana anefa ny filaharany mba hanananao saina tia karokaroka mitrandraka sy mampitombo ny zavatra atolotra.

Alaharo araka izay heverinao ho mahamety azy ary ireo toe-tsaina tsara ananana ireo ary ampiharo dia ho hitanao ny fahombiazany, ka ahitsio amin'ny fotoana rehetra ahatsapanao fa tsy mety ny filaharana nataonao.

- Tsy milavo lefona,
- manatratra tanjona,
- sahy manonofy,
- mahay mamorona ,
- mamaritra tanjona,
- manatsara ny zava-bitá,
- mikendry fahombiazana,
- manana idealy,
- manombana ny zava-bitá,
- mikatsaka ny tonga lafatra.



### 3. Ny asa

« Izay tsy mahay sobika, mahay fatam-bary ». Manan-jo hahazo asa ny olona tsirairay arakaraky ny fari-pahaizana sy fahalalana ananany. Mety ho ny fanjakana mivantana no manolotra asa ho azy na manamora ny fahitany asa na ihany koa manome vahana ny famoronana asa ataon'ny olontsotra na orinasa teratany sy vahiny. Maro karazana ny asa misy eto Madagasikara sy any ivelany. Fomba iray manampy anao tsy ho diso safidy ny fanatonana sy firesahana amin'ny olona matihanina manao ny asa tianao hatao, mba hahafantaranao misimisy momba ny toetra takin'ilay asa sy ny fahalalana tokony horantovina ary ny lalana tokony hizorana ahatongavana amin'ilay asa. Manampy anao ihany koa ny fitsidihana toeram-piasana samihafa ahitanao ny fizotran'ny asa atao.

- Fantatrao ve ireo karazana asa mifanaraka amin'ny mari-pahaizana sy ny fahalalana ary ny toe-tsaina aman-toe-batana anananao ?
- Nanana nofinofy sy idealy ianao, inona ny dingana efa vitanao hahatanteraka azy amin'izao ?
- Maro ny mahita asa tsy mifanaraka amin'ny fianarana nataony. Inona no ataonaо raha tojo izany ?



## B. EO AMIN'NY FIARAHAMONINA :

### 1. Ny aina

"Lahitokana ny aina" ary "Ny aina tsy ananam-piry", hoy ny Ntaolo Malagasy mba hanehoana ny mahazava-dehibe sy mahasarobidy ny aina ka tokony harovana. Zo ananan'ny olombelona tsirairay rahateo ny zo ho velona. Na izany aza samy manana ny olana sedrainy hiarovany ny ainy ny olombelona tsirairay araka izay azony atao satria tsy tompon'ny aina izy. Raha vao torontoronina ny olona iray dia maro ny olana eo amin'ny fiaraha-monina manakantsankana ny zony ho velona, mandra-pahatapitry ny ainy.

Ampio araka ny fahalalana anananao ireo olana manakana ny zo ho velona voatanisa manaraka ireo, amin'ireto vanim-potoana fahaveloman'ny aina ireto.

Vanim-potoana	Olana amin'ny zo ho velona	Fanampiny fantatrao
Vao miforona ao an-kibo	Aretina, toe-batan'ny ray aman-dreny	
Mandritra ny vohoka	Olana ara-tsakafo sy adin-tsaina	
Eo am-piterahana	Olana ara-bola sy ara-pitaovana	
Fahenim-bolana	Olana ara-pahasalamana sy ara-bola	
Fahazazana	Fanolanana sy fanaovana sorona	
Fahatanorana	Olana ara-tsôsialy, famonoan-tena	
Fahalehibiazana	Olana ateraky ny asa sy fanenjehana	
Fisotroan-dronono	Aretina sy olana ara-pahasalamana	
Fahanterana	Fanararaotana, tsy firaharahan'ny hafa	

Manana namana mpanao gazety ianao, Maria no anarany. Nanao lahatsoratra tamin'ny gazetiny izy ary nahatezitra olona ambony izany. Ny ampitso dia nisy olona tsy fantatra maromaro tonga tao an-tranony ary nisambotra azy. Nampiharana herisetra izy ary nohidina irery tao amin'ny efi-trano iray mandritra ny enim-bolana.

Maro ny zo fototra ananani'i Maria no voahosihosy.

- Inona avy ireo zo voahosihosy ireo ? Fantatrao ve ny andinin'ireo zo ireo ao amin'ny Fanambarana maneran-tany ny zon'ny olombelona ?
- Manorata ary taratasy any amin'ny Ministry ny fitsarana sy ny tompon'andraikitra misahana ny fanjavonan'ny olona mitantara ny zavatra nitranga.

### 2. Ny trano fonenana

Vitsy ny Malagasy no miaina ny zo hanana trano fonenana. 65% ny mponina manana trano fonenana eto Madagasikara kosa no mipetraka amin'ny trano manara-penitra araka ny antontan'isa navoakan'ny Ministeran'ny Mponina tamin'ny volana Febrero 2010 teo.

- Raha ny hevitrao, trano fonenana manao ahoana no azo lazaina fa manara-penitra ?
- Misy ireo toetran'ny trano fonenana manara-penitra nataon'ny Ministeran'ny Mponina, inona no maha-hafa ny anao amin'io ? Hazavao ny antony,
- Trano manara-penitra, miaro ny tontolo iainana nefá kely mason-karena no ilain'ny vahoaka madinika. Omeo ny soso-kevitrao sy vahaolana hitanao amin'izany.

### **3. Ny teny mandratra**

“Totohondry tsy mivokona amin’izany maty hozatra” hoy ny fomba fiteny, fa inona tokoa no fetra tsy maintsy apetraka rehefa te-haneho hevitra isika ? Manan-jo ve isika hiteny izay tiantsika hotenenina na aiza na aiza, na amin’ny fotoana inona na fotoana inona, na amin’iza na iza ?

Manaova sary olona amin’ny taratasy A4, manana tongotra telo, voamaso telo, mikorontam-bolo, sofina iray, molotra roa, nono telo, rantsan-tànanana 14, rantsan-tongotra 6 sns. Ataovy izay maharatsy endrika ilay sary sy ny lokony. Avy eo, kiano ilay sary nataonao ka isaka ny manakiana ny tsy fietezany sy ny haratsiny ianao dia rovito kely ilay taratasy dia toy izany hatrany. Rehefa tsy mahita kianina momba ilay sary intsony ianao dia makà scotch hanakambananao ilay rovidrovittra taratasy ho lasa taratasy A4 araka ny endrinny tamin’ny voalohany. Ho hitanao fa tsy ho tafaverina amin’ny laoniny mihitsy ilay taratasy norovidrovitinao na dia noe Zahinao napetaka aza.

Tahaka izany koa ny fon’olombelona rehefa miteny ratsy azy na manao fiteny mandratra aminy na manaratasy azy ianao. Marary ny fony, rovitra vokatr’ireny teninao ireny. Indraindray ianao miezaka miala tsiny sy manao azafady amin’ilay olona ary mamela anao izy nefá tadio fa tsy mora ny hamafa ny alahelony satria namela takaitra tsy voafafa nandratra ny fony, toy ilay taratasy rovitra dia napetaka scotch.

Ilaina araka izany ny fahaizanao maneho ny hevitrao anatin’ny fanajana sy ny fahaizanao mihaino ny hevity ny hafa. Hanampy anao amin’izany ny fizarana miady hevitra amin’ny olona tsy mitovy hevitra aminao.

### **4. Ny manan-karena sy mahamantra**

Rehefa misy ny mazava, dia tsy maintsy misy ny maizina ary rehefa misy fiakarana dia tsy maintsy misy ny fidinana. Eo amin’ny fiaraha-monina ihany koa dia tsy maintsy misy ny manan-karena ary misy ny manantra. Na tsy mitovy fari-pananana aza anefa ireo dia mitovy zo eo anatrehan’ny lalàna.

Manaova fanehoan-kevitra na loa-bary an-dasy mampahafantatra ny olona fa mitovy zo ny manan-karena sy ny manantra. Tsy tokony hifankahala na hifampitsara ivelany satria samy manana ny olana sedrainy na tsy mitovy fari-pananana aza, samy manana izay mahafaly azy na tsy mitovy fialam-boly aza, samy manana ny eritreretin’ny sainy na tsy mitovy fari-pahalalana aza, samy sahirana amin’ny foto-pivelomany na tsy mitovy asa aza sns ...

## **5. Ny fahaizana mifandray amin'ny mpiara-belona**

“Tondro tokana tsy mahazo hao”, “Hazo iray tsy mba ala” ary “Olona iray tsy mba vahoaka”. Tanora mahay mifandray amin’ny mpiara-belona no ilain’ny firenena satria tsy afaka miaina ireny ny olombelona ary tsy misy olona mahavita tena.

Anisan’ilay tanora ilain’ny firenena àry ve ianao? Ireto misy torolalana ho anao ka trandraho izay mbola tsy anananao.

- Mahay mifampiresaka
- Mahay mifampiraharaha
- Mahay mandresy lahatra
- Mandala ny fifanajana
- Manana fandeferana
- Mahay mampihavana
- Manaja ny marina, rariny, hitsiny
- Mitsara tsy miangatra
- Mandala ny soa iombonana

## **6. Ny fanavakavahana**

“Sakamalaho sy havozo, samy manana ny hanitra ho azy” ary “Aza atositosika ny ondry botry fa tsy fantatra izay hanao kambana”. Ny andininy faha-2 ao amin’ny Fanambaràna maneran-tany dia manambara fa afaka mirehareha amin’ny fananany zo sy fahafahana rehetra ny tsirairay ao anatin’ny tsy fanavakavahana. Noho izany, mifanipaka tanteraka amin’ny foto-kevitra iorenan’ny zon’ny olombelona ny fiheverana fa ny maha-lahy na maha-vavy, ny maha-tra-pahasembanana na tsia, ny maha-mainty na maha-fotsy na maha-mavo, dia mampitombo na mampihena ny zo ananana. Tetika fanivanana ny hafa sy fanandrata na tena eo amin’ny toeram-piasana na toeran-kafa ny fampiasana ny fahasamihafana ho entina manavakavaka.

### **a. Fanavakavahana ny vavy sy ny lahy**

Fanavakavahana fahita matetika ny fanavakavahana amin’ny mahalahy na mahavavy noho ny fahasamihafana ara-biôlôjika. Sarotra ho an’ny ankamaraoan’ny olona tokoa ny hanadino izany fahasamihafana izany ka nahatonga ny hetsika maro isan-karazany hampitoviana lenta ny lahy sy ny vavy ary nanokanana andro manokana mihitsy ho an’ny vehivavy. Noho izany, ny toe-batana tsy mitovy sy ny herim-batana tsy mitovy dia tsy mampiova ny zo iaraha-manana.

Ireo boky vakinao sy ny filazam-baovao arahinao ary ny zavatra hitanao andavanandro ve :

- Miresaka momba ny lehilahy sy ny vehivavy ? **TSIA ENY**
- Mampiseho ny vehivavy ho tompon’andraikitra mahery fo, salama, tia karokaroka sy famoronana, mikarakara izay ananany ary maniry hiasa amin’ny sampana toy izao na toy izao ? **TSIA ENY**

- Mampiseho ny lehilahy ho be fangorahana, mahakolokolo, afaka manampy ny hafa, tsy manafina ny fihetseham-pony, tsy menatra holazain'ny hafa fa tsy mahery, mihevitra azy fa ambanin'ny vehivavy, maniry hianatra sy hanao raharaha ao an- tokantrano ary hikarakara ny ankizy ?

**TSIA ENY**

- Mampiseho ny fifanajan'ny lahy sy ny vavy satria mitovy zo ? **TSIA ENY**
- Mampiseho lehilahy manana andraikitra mavitrika ao an- tokantrano ?  
**TSIA ENY**
- Mampiseho vehivavy manana andraikitra mavitrika ivelan'ny tokantranony ary be karama ?  
**TSIA ENY**

Raha ENY > TSIA : Efa mihamahazo vahana ny fampitoviana lenta (ZO) ny lahy sy ny vavy

Raha ENY < TSIA : Mbola lavitra ezaka ny fampitoviana lenta (ZO) ny lahy sy ny vavy

Raha ENY = TSIA : Mbola tsy tafita ny fampitoviana lenta (ZO) ny lahy sy ny vavy

### Ireto misy fanontaniana vitsivitsy azonao dinihina sy valina mahakasika ny lahy sy ny vavy :

- eo amin'ny taranja tantara, moa ve resahina kokoa ny momba ny toeran'ny vehivavy noho ny lehilahy ?
- eo amin'ny toe-karena, moa ve resahina ny toeran'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny asa ?
- eo amin'ny lalàna, ahoana ny zon'ny vehivavy momba ny fananana ?
- eo amin'ny fiarahamonina, moa ve resahina ny fahavitsian'ny vehivavy eo amin'ny fitantanana ny raharahanam-pirenena ?
- eo amin'ny siansa, moa ve mba voasoritra ny zava-bitan'ny vehivavy ?
- amin'ny fomba ahoana no hahatsapana fa manavakavaka amin'ny maha-lahy na maha-vavy ny fianarana literatiora, tenim-pirenena sy ny zava-kanto ?

### b. Fanavakavaham-bolonkoditra

Endri-panavakahana ratsy indrindra ny fanavakahana mifototra amin'ny volon-koditra na ny firazanana. Ny fahasamihafana manokana ahindrahindra matetika, dia miafara amin'ny fandavana ny maha-iray ny olombelona sy ny zo iarahan'ny rehetra manana. Maro ny hetsika efa nataon'ny firenena samy hafa sy ny tolona izay nahafatesana olona maro mba hanaoanana io endri-panavakahana io saingy mbola mitoetra mandraka ankehitriny izany. Ny atao hoe mpanavakava-bolonkoditra dia izay mihevitra fa ny fiavahana manokana (mandrakariva eo amin'ny toe-batana) hita eo amin'ny antokon'olona sasany na lahy na vavy dia mahatonga azy ho ambony na ho ambanin'ny hafa. Ny volon-koditra no isan'ny antony nararaotin'ny olombelona hampiharana ny

fanavakavahana eo amin'ny samy olombelona.

- Efa nanilika olona hafa volonkoditra na firazanana aminao ve ianao sa efa nailiky ny olona noho izany ? Jereo ange ny tanàna misy anao e ! Misy trano maromaro samy hafa loko ao nefo ny adidy aloa isam-bolana sy ny zo ananan'ny isan-tokantrano amin'ny fokontany dia mitovy ihany, tsy misy fanavahana lokon-trano. Ny tompotranano misafidy ny lokon-trano izay tiany nefo ny olombelona tsy nanan-tsafidy fa volon-koditra voajanahary. Iza àry no tokony hiharan'ny fanavakavahana ?
- Manaova sary fanairana miady amin'ny fanavakavaham-bolon-koditra ! Ho fandraisanao anjara amin'io ady io dia apetaho ao an-tranonao ilay sary ka izay olona mamangy anao dia hahita ary hahatakatra ny hafatra tianao hampitaina ary entano izy hanao toy izany koa raha manontany anao.

#### **d. Fanavakavahana ny fahasembanana ara-batana na aratsaina**

Endri-panavakavahana iray ihany koa ny fanavakavahana atao amin'ny olona manana fahasembanana na eo amin'ny ara-batana na eo amin'ny ara-tsaina. Manan-jo mitovy amin'ny olombelona rehetra izy ireny ary manana ny zony manokana aza amin'ny maha-tra-pahasembanana azy. Anisan'ny hetsika tsara hahafantaranao ny zava-manjo ireny olona ireny ny fanatonana azy akaiky na ny fikarakarana azy.

- Manatòna olona manana fahasembanana dia miresadresaha aminy. Anontanio azy ny olana sedrainy sy ny fahasahiranana hitany, ny lesona azony sy notsoahiny tamin'ny zavatra niainany sy momba ny zo manokana izay takiny.
- Diniho izay avaliny anao dia eritrereto tsara raha tokony havakavahana na tsia izy ireny.
- Diniho ny sekoly ianaranao sy ny manodidina raha mety ho an'ny olona manana fahasembanana na tsia. Raha tsia, inona avy ny fanovana takiany ? Inona no anjara biriky azonao atolotra ?

#### **e. Fitondran-tena manavakavaka**

Ny fitondran-tena manavakavaka dia miteraka fanilikilihana, fampihatahana ireo heverina fa hafa na ambany ka miafara amin'ny fanorisorenana, ny fanararaotana na ny fandroahana tanteraka ilay olona ka manosihosy ny zo ananany. Misy fiantraikany eo amin'ny fihetsiky ny olona tsirairay ny kolontsaina azony sy ny fiarahamonina nitaizana azy. Anisan'izany ny fahafahany manaiky izay hitan'ny masonry, ny fahafahany mandray ny fampianarana iraisana, ny fomba fitantarany tranga iray.

- Efa niaina na nahita endri-panavakavahana ve ianao ? Tantarao ny zava-nitranga. Araka ny hevitrao, rariny ve ny nataon'ilay nanavakavaka ? Rariny ve ny nihatra tamin'ilay navakavahana ?
- Mahafantatra olo-malaza niady hamongorana ny fanavakavahana ve ianao, toa an'i Martin Luther King na Nelson Mandela na Gandhi ? Inona no nataony

ary inona no vokatr'izany taminy sy tamin'ny fiarahamonina ? Inona no azonao alain-tahaka aminy ?

- Manatôna olona maromaro samy hafa (volonkoditra, manana fahasembanana na tsia, lahy na vavy) manana andraikitra ambony na mandray anjara mavitrika amin'ny fiaham-bahoaka. Anontanio izy raha niharar'ny fanavakavahana na tsia, ary anontanio azy ny heviny momba ny fanavakavahana ?

## f. Ny fahalalahana hivondrona


« Mitabe tsy lanin'ny mamba » ary « Akanga maro tsy vakin'ny amboa ».

### • *Zo hiditra fikambanana*

Manana zo hiditra fikambanana ianao. Tena tsara ny hidirao amin'ireny fikambanana manabe, mandala ny soa iombonana sy miaro ny zon'ny olombelona ireny satria manampy anao amin'ny fandraisana andraikitra sy ny fanefena ny toetra. Maro ny andraikitra ifampizaràna sy azo sahanina ao anatin'ireny fikambanana ireny ka rehefa fantatrao ny tanjon'ilay fikambanana idirao dia ampisehoy fa ilaina ianao.

### • *Zo hanangana fikambanana*

Manana zo hanangana fikambanana koa ianao. Farito mazava ny tanjona sy ny antsipirian'ny asa miandry ny fikambanana ary omeo andraikitra ny mpikambana tsirairay. Azo atao ny maka ohatra amin'ny sata amam-pitsipiky ny fikambanana efa misy. Alaminoo ny fotoam-pivoriana raikitra. Makà vaovao momba ny asa ataon'ny fikambanana hafa izay mitovy tanjona sy firehan-kevitra amin'ilay vao hatsangana na eo amin'ny sehatra nasionaly na iraisam-pirenena ka mifandraisa matetika aminy.



## D. EO AMIN'NY FIRENENA

### 1. Ny fitiavan-tanindrazana

Omeo isa 0 ka hatramin'ny 5 ny tenanao ahalalanao ny fitiavanao ny tanindrazanao.

IANAO VE ?	ISA	IANAO VE ?	ISA
Manaja ny hira sy ny fanevam-pirenena malagasy		Tia manampy ny namana sy ny mpiara-belona	
Mandala ny soa iombonana		Miasa ho an'ny tanindrazana	
Mandala ny soatoavina amankolontsaina malagasy		Mirehareha amin'ny maha-Malagasy azy	
Miezaka hanome laza tsara an'i Madagasikara amin'izay atao		Anatin'ny fikambanana mpanao asa soa (skotisma, Lions, Rotary, ...)	
Anatin'ny fikambanana miaro ny tontolo iainana		Anatin'ny fikambanana miady amin'ny VIH/SIDA	
Manohitra ny kolikoly		Manaja sy miaro ny Zon'ny olombelona	
Manaja sy miaro ny fananana iombonana		Nandray anjara tamin'ny fifidianana teto amin'ny firenena	
<b>Tontalin'ny isa azonao</b>		<b>Tontalin'ny isa azonao</b>	

0 < isa < 21      -> TIA TANINDRAZANA AM-BAVA FOTSINY IANAO!

21 < isa < 32      -> TIA TANINDRAZANA IHANY IANAO FA TSY AMPY

33 < isa < 42      -> TIA TANINDRAZANA IANAO!

43 < isa < 65      -> TENA TIA TANINDRAZANA IANAO!



## **2. Ny fandalana ny soatoavina demokratika**

Firenena demôkratika i Madagasikara. Noho izany, ilaina ny ahafantaranao sy iainanao ary andalanao ny soatoavina demôkratika na eo anivon'ny oniversite ianaranao na eo amin'ny fiarhamonina misy anao ary indrindra eo amin'ny ambaratongan-drafitra misy eto Madagasikara (Fokontany, Kaominina, Faritra, Distrika, Firenena).

Trandraho ary ireto ary ifampizarao amin'ny namanao sy ny mpiara-belona aminao fa mahatsara fototra ny fiorenan'ny demôkrasia ireto.

- Mahay miady hevitra,
- mahay mifanakalo hevitra,
- mahay mandray fanapahan-kevitra,
- manatanteraka ny tapaky ny maro an'isa,
- manaja ny hevity ny vitsy an'isa.

## **3. Ny rano**

Harena manify dia manify ny rano. Mahatsapa tsara an'izany ny mponina amin'ny faritra maina sy tsy ampy orana. Tombano ange ny habetsahan'ny rano laninao e !

- Manaova sary mampiseho ny rano sotroinao, ny rano anasanao lamba, ary ny rano isasanao sy androanao isan'andro.
- Firy metatra kioba izany ny rano laninao mandritry ny taona iray ?
- Ampitomboy amin'ny isan'ny taonanao dia ho hitanao sy tsapanao fa sarobidy ny rano.

Raha mitohy ny fandanilanim-poana ny rano dia hitranga amintsika afaka 60 taona ny tantara raiketin'ity "taratasy nosoratana tamin'ny taona 2070" ity ! Lehilahy iray mitantara ny zavatra iainany. Vakio ange e !

50 taona aho izao kanefa dia toy ny lahiantitra 85 taona no fahitana ahy. Manana arentina momba ny voa aho satria tsy ampy intsony ny rano sotroiko. Kely sisà ny andro iainako ary izaho no olona antitra indrindra ato amin'ny fiarhamonina misy ahy.

Tadidiko fony izaho vao 5 taona. Hafa daholo ny zava-drehetra. Feno hazo ny zaridaina fitsangantsanganana, namboly voninkazo tsara tarehy ny isan-trano ary afaka manararaotra mandro mandritra ny adiny iray aho. Amin'izao fotoana izao kosa dia servieta lemana amin'ny menaka mineraly no isasanay.

Taloha dia faly ery ny vehivavy mampiseho ny hakanton'ny volony. Amin'izao fotoana izao kosa dia voatery kakasana ny loha mba hitazonana azy hadio. Taloha ny raiko dia manasa fiara amin'ny rano tarihina amin'ny fantsona plastika. Ankehitriny, saroatra amin'ny ankizy ny mino fa zavatra toa izany no andaniana rano.

Tadidiko fa betsaka taloha ny nampitandrina hoe: "Tandremo! Kajio ny rano !" fa tsy nisy olona niraharaha an'izany. Noheverinay fa tsy mety tapitra, tsy mety ritra ny rano. Ankehitriny, ny ony rehetra, ny tohodrano rehetra, ny farihy rehetra eny hatramin'ireo loharano any ambanin'ny tany aza dia na voapoizina tanteraka na ritra tanteraka.

Toy ny tany efitra daholo izay tazanina rehetra. Ny aretim-bavony sy aretin-tsinay, ny aretin-koditra sy aretim-pivalanan-drano no mamono betsaka indrindra ny olona.

Tsy afamihetsika sy mihodina intsony ny industria ary miavosa izaitsizy ny isan'ny tsy an'asa. Ny ozinina fanalana ny sira amin'ny ranomasina no loharanon'asa voalohany. Dia rano no hany karama omena ny mpiasa.

Betsaka ny olona no misy manafika eny an-dalana satria mitondra rano 1 bidô. Ny 80%ny sakafio dia sakafio tsy voajanahary tsy mila rano. Taloha dia asaina misotro rano imbalon'ny vera isan'andro ny olon-dehibe. Ankehitriny dia zara raha afaka misotro antsasaky ny vera.

Satria tsy afaka manasa lamba intsony ny olona dia ariana avy hatrany ny akanjo maloto ary dia mitombo aoka izany ny habetsahan'ny fako. Voatery namerina ny lavapiringa fampiasa tamin'ny taonjato faha-19 ny olona satria tsy mandeha intsony ny tambajotra fanarian-drano noho ny tsy fahampian'ny rano.

Mampatahotra ny mijery ny olona : osa sy mahia ny vatany, miketronketrona ny hodiny satria tsy ampy rano sady feno fery noho ny taratra ultraviolet izay tsy voasivana intsony noho ny fahapotehan'ny lafik'özônina. Noho ny hakarankainan'ny hoditra, ny tovovavy 20 taona dia mitovy amin'ny vehivavy 40 taona.

Manao fikarohana tsy tapaka ny manam-pahaizana fa tsy misy vahaolana azo antenaina. Tsy afaka manamboatra na marmorona rano ny olombelona. Tsy azo amboarina na foronina mantsy ny rano.

Simba koa ny ôksizenina satria tsy misy hazo maniry intsony, hany ka mihena izaitsizy vokatr'izany ny haranitan-tsain'ireo fara sy dimby. Niharam-piovana koa ny tsirinain'ny olona maro hany ka sesehena ny zaza teraka no marary, sembana na sampona.

Asain'ny governemanta mandoa hetra amin'ny rivotra fohinay koa izahay: 137 m<sup>3</sup> isan'andro no anjaran'ny olon-dehibe iray. Izay tsy afamandoa vola dia voaroaka hiala amin'ireo toerana vatsian-drivotra, izay nasiana avokavoka goavam-be hetsehina amin'ny angovo azo avy amin'ny hafanan'ny masoandro. Tsy dia tsara kalitao izany rivotra izany, saingy mba ahazoahazoanao aina kely. 35 taona no salan'ny fe-taona iainan'ny olona amin'ny ankabobeny.

Firenena vitsivitsy no mba nahavita nitahiry nosin-java-maniry avy amin'ny riandrano. Miaramilan'ny tafika no miambina akaiky ireny toerana ireny. Tonga entana tsy fahita sady zava-tsarobidy be mpitsiriritra indrindra ny rano, mihoatra lavitra noho ny volamena sy ny diamondra.

Any amin'ny faritra tsy mba misy hazo kosa dia saika tsy avy mihitsy intsony ny orana. Ary raha sendra mba avy dia ranonorana mandoro sy mikiky hoditra no mirotsaka. Tsy misy intsony ny fizaran-taona noho ny fiovan'ny toetr'andro sy ny asa fanimbana ny tontolo iainana nandritra ny taonjato faha-20.

Betsaka anefa tamin'izany ny nampitandrina fa ilaina ny hikojakojana io tontolo iainana io saingy notsinontsinoavin'ny rehetra izany.

Rehefa mangataka amiko ny zanako hoe "tantarao hoe Dada taminareo tanora", dia lazaiko azy hoe manao ahoana izany hasoan'ny ala. Tantaraiko azy ny orana, ny voninkazo, izany hafinaretana milomano sy ny manjono eny amin'ny renirano sy ny

farihy, ny misotro rano araka izay tiana. Ary ny fahasalaman'ny mponina.

Dia nanontany ahy izy hoe: "Dada a! Fa maninona no tsy misy intsony ny rano?"  
Dia kenda tsy mahateny aho.

Dia mahatsiaro tena ho anisan'ny tompon-keloka satria isan'ilay taranaka nanatantekana ny fanapotehana ny tontolo iainana noho ny tsy fihainoana sy tsy fanomezan-danja ireo fampitandremana marobe novoizina tamin'izany. Kanefa dia anisan'ilay taranaka farany afaka nanova ny fizotran'ny raharaha aho, saingy fanapahan-kevitra mifanohitra tamin'izany no noraisiko.

Raha mba azoko atao mantsy ny miverina any amin'ny lasa mba hampahatonga saina ny olombelona rehetra hahatsapa izao zava-doza izao... tamin'ny fotoana mbola nisy azo natao hanavotana ity planeta Tany onenantsika ity !!!"

**Koa raha sitrakao, raha tsapanao fa antambo no miandry ny taranatsika, dia tantaraao, ampitampitao amin'izay rehetra azonao ampitana azy ity taratasy ity mba ho fandraisana anjara, na dia bitika aza, amin'ny ezaka fampahatongavan-tsaina an'izao tontolo izao momba ny maha-zava-dehibe ny rano.**

**Tsy kilalao mantsy izao fa efa zava-misy iainana. atao vy ho an'ny zanakao izany, ary raha mbola tsy manan-janaka ianao, tsarovy fa mbola hiteraka any aorianea.**

**Aoka tsy ho afobe no lova apetrakao ho an'ny sombiniainao! fiaianana avela ho azy!**

Anjaranao ny misaintsaina sy maka izay tandrify anao, anao ny safidy!

Nefa koa fantaro fa mitondra fako sy singa miteraka aretina ny rano. Noho izany, tena ilaina ny fahaizana mampiasa ny rano, na ny fakàna azy na ny fanariana azy mba hitsinjovana ny be sy ny maro. Diniho ny fomba fitarihan-drano sy fanariana ny rano maloto iray amin'ny toerana misy anao, ary manomeza soso-kevitra hanatsarana izany.

#### **4. Ny fanjakana sy ny lalana**

"Tsy misy olona afaka milaza ho tsy mahafantatra ny lalàna". Tsara ny ahafantaranao fa afaka mampahafantatra sy mitaky ny fampahafantarana sy ny fanajana ary ny fiarovana ny zon'ny olombelona ianao amin'ny mahaolombelona anao. Ny lalàna anefa dia manome endrika ara-dalàna ireny fangatahana ireny. Noho izany ny **fanovana ny fitakiana** ho lalàna manan-kery no dingana voalohany tsy maintsy atao.

Marihina fa ny firenena izay mankatò ny lalàna iraisam-pirenena dia mampihatra izany ho lalàna velona sy manan-kery ao aminy. Na dia izany aza anefa dia ilaina ny hanavaozana ny lalàna firenena hifanarakana amin'ireny lalàna iraisam-pirenena ireny.

Ny lalàna koa dia mirakitra fampianarana tsy azo hamaivanina. Io no manoritra ara-panjakana ny lalan-kalehan'ny fiarhamonina sy mametraka ny fitsipika arahina sy ifampifehezana. Ny lalàna no fefy mametra ny lalan-kizoran'ny olompirenena rehetra na vahoaka tsotra izy na mpitondra fanjakana.

## **5. Ny ambaratongam-pahefana sy ny lalana avoakany**

### **a. Ireo karazan-dalàna misy**

Misy karazan-dalàna maro izay avoakan'ny rafitra samy hafa eo anivon'ny iraisampirenena na firenena. Ny rafitra mamoaka azy no mahatonga ny anarany ho samy hafa na dia samy lalàna velona sy manan-kery aza.

<b>IREO KARAZAN-DALANA</b>	<b>RAFITRA MAMOAKA AZY HANANKERY</b>
Lalàna iraisampirenena	Fivoriamben'ny Firenena mikambana, Firaismbambe afrikanina
Lalam-panorenana	Fitsarana momba ny Lalampanorenana
Lalàna fehizoro	Antenimiera
Lalàna	Antenimiera
Didy hitsivolana	Fiadidiana ny Repoblika
Didim-panjakana	Filan-kevitry ny Governemanta
Didim-pitondrana (Arrété)	Ministera, Faritany, Faritra, Kaominina
Didy fanampahana (décision)	Ministera; Vondrombahoaka itsinjarampahefana
Note de service (teny midina)	Ministera, SG, Tale
Note circulaire (tenimita)	Ambaratongampahefana
Lettre officielle	Vondrombahoaka itsinjarampahefana

### **b. Rafitra mpanao lalàna**

Ny rafitra mpanao lalàna eo amin'ny firenena tsirairay no manao ny lalàna. Mananjajo hahafantatra ny fizotran'ny fanaovana lalàna ianao.

1. Azonao atao ny mangataka hanatrika ny asan'ny rafitra iray izay manapakevitra eo anivon'ny faritra na ny fanjakana mba hahitanao ny fomba fanamboarana lalàna.
2. Azonao atao koa ny manatrika ny fitsarana any amin'ny tribonaly hahitanao ny fomba fampiharana ny lalàna sy ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra arakaraky ny rafi-pitsarana misy ary ny ambaratonga lalovan'ny tolo-dalàna na volavolan-dalàna iray mandra-pahatongany ho lalàna velona hampiharina eo amin'ny firenena.
3. Azonao atao ihany koa ny manontany mandritra ny fivoriam-be azo atrehina eo anivon'ny Antenimieran-doholona sy ny Antenimieram-pirenena.
4. Azonao atao ihany koa ny manatona mpahay lalàna na mpitsara, mifampiresadresaka aminy ny antony hanajana ny lalàna, ny fomba famoahana didim-pitsarana, ny fanajana ny foto-kevitra mifehy ny tsy fitongilanana ary ny fampiharana ny lalàna nivoaka.

## **NY FITIAVAN-TANINDRAZANA**

Ny fetin'ny fahaleovantena izay fitsingerenan'ny daty nahaterahan'ny Repoblika Malagasy dia fotoana fandinihan-tena sady fisaintsainana lalina momba ny firenena sy ny tanindrazana. Taiza avy ireo lalana nandalovany? Fitsapana inona avy no nosedrainy? Fenitra inona no efa tratrany? Dingana inona no efa tanterany? Aiza ho aiza ny toerana misy azy eo anivon'izao tontolo izao? Ary indrindra indrindra manao ahoana ny fifandraisany amin'ireo zanany dia ny olom-pirenena tsy an-kanavaka?

### **Tanindrazana**

Ny tanindrazana dia tsy ilay sombin-tany niaviana izay misy ny trano sy ny fasan-drazana, ilay ambanivohitra ananan'ny ankamaroan'ny Malagasy ihany; tsy ilay nosin-tany misarin-tongotra ankavia zara tanin'ny Malagasy eto anivon'izao tontolo izao fotsiny koa. Fa ny tanindrazana dia fitambaran'ny tany sy ny mponina eo aminy. Koa ny tanindrazana ho antsika Malagasy dia ny fitambaran'ny Nosy Madagasikara sy izay olona mizaka ny zom-pirenena malagasy ka mipetraka eo an-toerana na mivahiny any amin'ny firenen-kafa. Ho an'ny olom-pirenena dia io tanindrazana io no fananana iombonana lehibe indrindra ary izay rehetra ataony hampandrosoana azy dia fikatsahana ny soa iombonana.

### **Fitiavan-tanindrazana**

Fihetseham-po mamatotra ny olona amin'ny tanindrazany ny fitiavan-tanindrazana. Io fihetseham-po io no miteraka ny embona sy hanina raha sendra ka lavitra azy, indrindra noho ny tsy fidiny. Io fihetseham-po io ihany no mamerina ny haravoana rehefa tafaverina sy tafody soamantsara. Io fihetsehampo io ihany no mampirehareha raha tsara laza ny tanindrazana. Io fihetseham-po io koa no mampitanondrika sy mampitomany manoloana ny fahareseny sy ny fahatarany. Farany ny fitiavan-tanindrazana no tsy mahatafandry mandry manoloana ny fahantran'ny mpiray tanindrazana ka ikelezana aina mba hahafahan'ny tsirairay misitraka ny anjara masoandrony.

Eo amin'ny sehatra misy azy avy dia samy afaka maneho ny fitiavany ny tanindrazany ny olona tsirairay. Koa fitiavan-tanindrazana manao ahoana no mipololotra ao anatin'ny fonao?

### **Fitiavan-tanindrazanan'ny sahy sedra**

Ny sahy sedra dia ireo olona nitoka-miavaka ka nahatanteraka zava-mahatalanjona noho ny toetra maningana nananany na noho izy nitafy herim-po tsy manam-paharoa manoloana ny loza mety haningotra ny ainy. Natosiky ny fitiavan-tanindrazana izy ka nanao tsinontsinona ny tenany manoloana ny tombontsoa ambonin'ny tanindrazana. Izy ireno ny fatra-pikatsaka ny soa iombonana ka nahavita nanao vy very ny ainy mba hanavotana ny mpiray tanindrazana aminy na hitazonana na hamerenana ny fahafahan'ny fireneny.

Anisan'ireo sahy sedra azo tanisain-ko ohatra ny Menalamba tsy nanaiky ny fanjanahantany; ny VVS sy ny MDRM niady ho an'ny fiverenan'ny fahaleovantena; ireo miaramila nanao variboba ny aina hiarovana ny mpiarabelona amin'ny asa ratsin'ny dahalo.

### **Fitiavan-tanindrazan'ny olom-panjakana**

Tsy ny fisedrana fahafatesana hiarovana ny firenena ihany no fitiavan-tanindrazana. Fa misy koa ireo olom-panjakana mitana andraikitra ambony no mideraderan'ny fitiavan-tanindrazana ka mandany mondron-kery hoenti-

*mampandroso ny tanindrazany. Dia izay tompon'andraikitra fatra-panaja ny fananana iombonana sy tsy mitsaha-mikaroka izay tetikady enti-mandresy ny fahantrana sy ny tsy fananana asa na hanandratana ny lazan'ny fireneny hany ka mendrika ny fitokisan'ny vahoaka sady mendrika ny karama omena azy.*

*Dia olom-panjakana afaka mampandefitra ny tenany ka tsy hitaky tombontsoa mihoa-pampana fa vonona aza hampihena izay raisiny raha mahatsapa fa latsaka an-katerena ny fireneny.*

*Dia olom-panjakana mampiasa ny fara-fahaizany hitondrana famahana amin'ny olana mianjady amin'ny fireneny.*

*Dia olom-panjakana mahafoy ny fainam-pianakaviany hiasana andro aman'alina ho an'ny olom-pirenena nify azy na mandoa ny karamany.*

#### *Fitiavan-tanindrazan'olon-tsotra*

*Fa tsy voatokana ho an'ny olo-maningana sahy sedra na ireo mitana andraikitra lehibe ao amin'ny firenena ihany ny fitiavan-tanindrazana. Ny olon-tsotra toa ahy sy ianao koa dia afaka maneho fitiavana ny tanindrazana. Amin'ny fomba ahoana? Amin'ny fiezahana hahalavorary sy hahatomombana ny asa atao andavanandro.*

*Tia tanindrazana ny ankizy sy ny tanora milofo amin'ny fianarany satria ny fahaizana amam-pahalalana rantoviny dia fitaovana enti-manompo ny firenena rahatrizay.*

*Tia tanindrazana ny tantsaha tsy mitarain-tana-miempaka manatsara ny fomba fiasany mba hampitomboana ny vokatry ny fambolena sy fionpiana izay fototry ny harin-karem-pirenena.*

*Tia tanindrazana ny mpiasa birao manaja ny ora sy andro fiasana sy manatanteraka haingana araka izay azo atao ny raharaha ankinina aminy sy manome fahafaham-po ny mpanjifa tsy an-kanavaka.*

*Tia tanindrazana ny olon'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana mikely aina mba hanamaivana ny fahasahiran'an'ny valabalemandry ka misintona azy hivoaka ny kizon'ny tsy fahaizan-taratasy sy ny tsy fahalalana.*

*Tia tanindrazana ny mpanakanto sy mpanao fanatanjahantena mandany ron-doha sy mondro-kery hampakatra ny kalitaon'ny sampan'asany sy hanatsara hatrany ny zava-bitany mba hampanakoako ny lazan'ny fireneny.*

*Tia tanindrazana ny olom-pirenena miara-mientana hanosika ny fahantrana, hamongotra ny kolikoly, handresy ny SIDA ary izany rehetra izany dia ao anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana satria ny tena fitiavan-tanindrazana dia maimaim-poana fa tsy mila valiny.*

**NY FOIBEN'NY FANABEAZAM-BAHOAKA**

**HO OLOM-PIRENENA ~ MEN**

## AORIAN'NY FIANARAKO ENY AMIN'NY ONIVERSITE, IZAHO DIA:

LASA	AFAKA
TONGA SAINA	Mampiasa ny fahasamihafana ho hery itandroana ny firaisan-kina
	Mandanjalanja ny fanapahan-kevitra sy ny safidy raisina
	Mampihatra ny fahaizana amam-pahalalana azoko
	Mitady fanampiana hamoronako asa ho ahy sy ho an'ny hafa
SAHY	Maneho hevitra ampahibemaso
	Matrika ny fanatontoloana ampitomboana hasina ny fireneko
	Manohitra ny fampiasàna herisetra
	Manohitra ny kolikoly
TIA TANINDRAZANA	Manentana amin'ny fanajana ny saina sy hiram-pirenena
	Mirehareha amin'ny maha-Malagasy ahy
	Mampiasa ny fahaizana ampandrosoana ny tanindrazana
	Miaro ny harem-pirenena tsy ho tantely afa-drakotra
	Miaro ny fananana iombonana
FITARATRA FILAMATRA MODELY	Miaina ny zoko ary manaja ny an'ny hafa
	Mifandray tsara amin'ny mpiara-belona
	Manome lanja ny hasina mahaolona sy ny fahamendrehako
	Mandray andraikitra, mahatapa-kevitra, mizaka ny vokany
	Mampanjaka ny mangarahara hatrany amin'izay atao

## **Fizahan-takila**

I - NY FE-TAONA MAHA-OLONDEHIBE	05
II - MOMBA NY ZON'NY OLOMBELONA	06
A. NY FIVOARANY ARA-TANTARA	06
B. NY FAMARITANA NY ZON' NY OLOMBELONA	06
D. IREO TOMPON'ANDRAIKITRA AMIN'NY ZON'NY OLOMBELONA	07
E. NY ADIDINAO AMIN'NY ZON'NY OLOMBELONA!	08
III - NY ZOKO	09
1. ZO MAHAOLOMPIRENENA	09
2. NY FAMPIHARANA NY ZON'NY OLOMBELONA	11
IV - NY ANDRAIKITRAREO	13
V - MADAGASIKARA TANINDRAZAKO	16
A. NY TANINDRAZAKO	16
B. NY HIRAM-PIRENEKO	16
D. NY SAINAM-PIRENEKO	16
1. NY LOKONY	17
2. NY HABENY	17
3 - NY FOMBAFOMBA ARAHINA REHEFA MANANGAN-TSAINA	18
E. IREO DATY MALAZA ANKALAZAINA	22
VI - FAMPAHATSIAHIVANA MOMBA NY FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA	23
VII - SEHATRASA FAMPIHARANA TOMBANA	25
A. EO AMIN'NY TENA	25
B. EO AMIN'NY FIARAHAMONINA	27
D. EO AMIN'NY FIRENENA	33



